

JESOA



Velona Ao Amin'i Maria

BULLETIN MENSUEL DE FORMATION ET D'INFORMATION - ASSOCIATION MARIE REINE DES COEURS

Fanazavana ara-Baiboly

« Mibebaha ianareo ary minoa ny Evanjely »



Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ

21 FEBROARY 2021 – Taona- B

Alahady, herinandro voalohany amin'ny Karemy

EVANJELIN'I JESOA KRISTY ARAKA AN'I MASINDAHY MARKA (MK 1, 12-15)

Vao vita Batemy i Jesoa.

Ary niaraka tamin'izay, nentin'ny Fanahy nankany an'efitra Izy,

Ary, tany an'efitra,

Nijanona 40 andro tany Izy,

Nalain'I demony Fanahy.

Niaina niaraka tamin'ny bibidia Izy,

Ary ny anjely nanompo Azy.

Taorian'ny fisamborana an'I Joany,

Nandeha tany Galilea I Jesoa

Nitory ny Evanjelin'ny fanjakan'Andriamanitra;

Hoy Izy: “Tonga ny fotoana:

Efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra.

Mibebaha ianareo ary minoa ny Evanjely”.

Amin'ireo Evanjelistra rehetra dia i Marka no fohy indrindra, fa tonga hatrany amin'ny hevitra manan-danja ny zavatra lazainy. Ao amin'ny andininy 4 dia milaza amintsika ny fakampanahy nahazo an'I Jesoa tany an'efitra izy, ny fiandohan'ny fitoriana sy ny fiantsoana an'ireo mpianatra voalohany.

Ity Vakiteny ity dia atolotry ny litorjia ho antsika amin'izao alahady voalohany amin'ny Karemy 2021 izao.

Voalohany indrindra dia tsara ny manamarika fa ny Fanahy no manosika an'I Jesoa nankany an'efitra taorian'ny Bateminy nataon'i Joany Batista izay nandrenesana ny Feon'ny Rainy ity hoe: " Ianao no Zanako Malalako; ao Aminao no ahitako ny fifaliako". Miorina amin'ity fanomezantoky ny fanatrehan'Andriamanitra ity fa afaka miaina an'ity fotoana ity any an'efitra izy.

Ao amin'ny Baiboly, ny tany efitra dia sady toerana fitsapana no toerana ihaonana amin'Andriamanitra: "hitondra Azy ho an'efitra aho ary hiteny aminy ao ampony." (Osea 2, 16).

Rehefa mankany an'efitra i Jesoa, dia mamerina ny lalan'ny vahoaka Israely, toa an'I Moizy vaovao nahavita fifindra-monina vaovao; ary koa ny isa 40 izay tena misy heviny lehibe:

- 40 andro, fotoana naharetan'ny safodrano
- Ny vahoaka nandalo tany an'efitra 40 taona mialohan'ny nahatongavana tamin'ny tany nampanantenaina
- 40 andro, fotoana izay namakivakian'i Elie Mpaminany ny tany efitra namonjena ny tendrombohitr'Andriamanitra dia I Horeba (1Mpanjaka 19,8).
- 40, fotoana hamelana ny tenantsika hiova, hamela ny tenantsika hovelomina, hamela ny tenantsika hoforonin'Andriamanitra indray, dia izay ilay vanim-potoanan'ny Karemy ho antsika amin'izao.



Tsy milazalaza fakam-panahy amintsika i Marka, toy ny milaza amintsika izy fa ny fakam-panahy dia efa ao anatintsika, ary ny tena zava-dehibe dia ny fiombonantsika amin'Andriamanitra, satria Izy ireny ihany no Mpandresy ny ratsy. Niaina niaraka tamin'ireo bibidia izy ary ny anjely nanompo Azy: dia toy izany no hevitra azo tsoahana amin'ity firindrana izay hita miaraka amin'ny natiora araka ny voalazan'Izaia Mpaminany 11,6-9 mialoha ity hoe : hiara-monina amin'ny zanak'ondry ny amboadia...fahatanterahan'ny teny fampanantenana ny amin'ny Mesia ho avy. Miaraka amin'i Jesoa dia milamina avokoa ireo fotoana vaovao rehetra.

Mitohy amin'ny fiandohan'ny asa fitoriana nataon'i Jesoa ny tantara ary taorian'ny nisamborana an'I Joany Batista, dia toa manamarika ny fitohizan'ny fanambaràna izany. Nanambara i Jesoa: misy zavatra matanjaka amin'ity teny ity: Vaovao Mahafaly iray (io no dikan'ny teny hoe Evanjely) natao hilazana sy hanambarana ampahatokisana fa tsy hibitsibitsika satria natao hanohina ny fo rehetra izany.

Tonga ny fotoana: avy amin'ny teny Grika Kairos izy ity, izay ampiasaina, entina hilazana fotoana mety, fotoana azo raisina. Eny, efa akaiky tokoa ny Fanjakan'Andriamanitra hatramin'ny manombohan'I Jesoa ny asa fanompoany dia ny hanambara amintsika ny Fitiavan'ny Ray antsika sy ny hihavanantsika Aminy.

Izany antso ho amin'ny fiovampo izany, handao izay rehetra mampanalavitra antsika amin'Andriamanitra mba handraisantsika tsara ity fanomezana tian'Andriamanitra homena antsika ity ary hiaina izany fanekena izany miaraka Aminy.

Manasa antsika Andriamanitra, manolotra ho antsika izy, amin'izao Karemy izao mba hiainan'ny tsirairay avy izao fotoana sarobidy izao sy handrenesantsika ny feo miteny amintsika manao hoe: "Zanako malalako ianao". Mirary antsika hahavita soa ny Karemy ao anatin'ny herin'ny Fanahy! ■



Fanokanan-tena

Miaina amin'ny maha-mpianatra misionera

Vita Batemy ianareo, tonga Kristiana, mpianatr'i Jesoa Kristy. Fa nahoana? Mivavaka isan'andro ianareo, mandeha any am-pianagonana mamonjy Lamesa isan'Alahady eny hatramin'ny Lamesa andavanandro. Ampy ve izany? Mandray anjara mavitrika amin'ny fiainam-bahoaka ianareo, eny mandray anjara amin'ny resaka politika, kanefa ireo andraikitrareo rehetra ireo ve mifototra amin'ny fifandraisana mafy amin'i Jesoa?

Manambara ny tena tanjona kendrena amin'ny fiainana Kristiana i Montfort ary tsy misy hoy izy ny fitoviana eo amin'ny fahasinanana sy ny iraka, satria te hamorona Kristianina masina sy misionera izy.

Izy dia mamaritra ny tanjom-piainana Kristianina amin'ny teny indray miaraka izay manana endrika apôstôlika sy misionera. Ohatra, naka teny tao amin'izay voalazan'i Masindahy Paoly izy, Montfort nilaza hoe: "Tsy miasa fotsiny izahay, hoy ny Apôstôly, mba hahatonga ny olona rehetra ho lavorary ao amin'i Jesoa Kristy" (VD 61), ka "ny Tompo malalako, hanjaka ao ampo mihoatra noho ny taloha" (VD 113). Ny fahalavorarian'ny hafa ao amin'i Jesoa Kristy dia isan'ny tanjoko amin'ny fiainana. Ny fanjakan'i Jesoa ao ampon'ny hafa dia isan'ny iraka nataoko teo amin'ny tantara. Ny famonjena ny fanahy, amin'ny fanolorana ho an'i Jesoa ho azy ireo sy ny fitondrana azy ireo ho eo Aminy, dia isan'ny andraikitra amin'ny Batemy noraisiko.

Avy amin'i Dola Dhanush



Ara-dalàna izany saingy tsy tsapantsika. Moa ve tsy nilaza ny Apôstôly Paoly hoe: "Raha ny marina, ny fitoriana ny Evanjely, ho ahy dia tsy tokony hireharehana, fa adidy nankinina tamiko. Lozako raha tsy mitory ny Evanjely aho!" (1 Kor 9, 16).

Fifaliana avy amin'ny Evanjely izany. Noho izany no nilazan'i Montfort hoe: "Raha misy zavatra mahafaly, amin'ny fahafatesana, dia ny miasa ho famonjena ny mpiara-belona" (S 195). Noho izany, tsy maintsy miasa ankafaliana isika mba hiaina sy hitory ny Evanjely.

**“RAHA MISY ZAVATRA MAHAFALY, AMIN'NY FAHAFATESANA,
DIA NY MIASA HO FAMONJENA NY MPIARA-BELONA”
(MONTFORT, S 195)**

“Ny Bokin’ny Asan’ny Apostoly dia mitantara fa tamin’ny vondrom-piarahamonina voalohany, dia nihinana “ny sakafony tamin-kafaliana izy ireo” (Asa 2, 46). Teo amin’izay nandalovan’ireo mpianatra “velona ny fifaliana” (8, 8), ary izy ireo, tamin’ny fanenjehana “dia feno hafaliana” (13, 52). Enaoka iray, izay vao vita Batemy, dia nizotra ny lalany tamin-kafaliana” (8, 39), ary ny mpiambina ny fonja “niara-nifaly tamin’izy ireo satria nino an’Andriamanitra” (16, 34). Maninona ihany koa isika no tsy hiditra amin’ity reniranon-kafaliana ity? (*Evangelii Gaudium*, 5).



Mba ho misionera azo itokisana, tsy maintsy miaina ny fahamasinana amin’ny fiainantsika isika amin’ny fanaovana dingana tsy tapaka mankamin’ny “fanovàna” ny tenantsika ao amin’i Kristy (VD 119). **Ny fiainana masina ao aminy dia misionera ao aminy ihany. Montfort dia maniry hanangana misionera masina amin’ny alalan’ny “Fanokanan-tena” ho fomba fiainana Kristiana.** Hoy izy: “tsy fantatro na nianatra fomba fanajana an’I Virjiny Masina toa ilay lazaiko aho, izay mitaky fahafoizan-tena bebe kokoa ho an’Andriamanitra, izay mandany azy bebe kokoa ho an’ny tenany sy ny fahatokisany tena, izay mitahiry azy ampahatokiana kokoa amin’ny fahasoavana, sy ny fahasoavana ao aminy, izay mampiray azy tanteraka sy mora kokoa ao amin’i Jesoa Kristy, ary farany izay manome voninahitra bebe kokoa an’Andriamanitra, manamasina ny fanahy ary manasoa ny namana” (VD 118). Ny fahamasinana sy ny maha-misionera dia mitoetra ao amin’ny fahamendrehan’ny Batemintsika.



Mahakasika antsika rehetra izay nandray ny Batemy izy ity na inona toetrany: na lahika, relijiozy, Pretra, sns..Ao anatin'ny aim-panahy Montfortana, zavatra anankiroa no mitoetra dia ny – ho masina sy ho misionera – tsy afa-misaraka ireo fa tokana ihany! Ity aim-panahy Montfortana ity, izay mifototra amin'ny Batemy, dia manana endrika fahamasinana amin'ny ankapobeny: izay mahakasika ny maha-olona manontolo, miaraka amin'ny mari-pandrefesam-piainany. **Izany no vinavinan'i Montfort: hanofana “Apôstôly marin'ny andro farany” (VD 58) izay “ho toy ny kotrok'orana sy rahona manidina eny amin'ny habakabaka amin'ny fofon'aina kely indrindra tsofin'ny Fanahy Masina” (VD 57). ■**

TENIN'I PAPA FRANÇOIS:



« Noho ny Batemy noraisina, ny olona tsirairay ao amin'ny vahoakan'Andriamanitra dia tonga mpianatra misionera (jereo. Mt 28,19). Ny olona vita Batemy rehetra, na inona andraikiny ao amin'ny Fiangonana sy ny haavon'ny fanabeazana arapinoana ananany, dia lohahevitra mavitrika iray amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly izany, ary tsy ho ampy ny fieritreretana ny tetik'asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly ampiasaina ho an'ireo mpilalao mahay, ary ny ambiny amin'ireo dia olona mahatoky sy voatendry handray soa amin'ny asany. Ny fitoriana ny Vaovao mahafaly amin'ny endriny vaovao dia tsy maintsy milaza fa ny olona tsirairay vita Batemy dia mpandray anjara mampiratra amin'ny fomba vaovao. Ity faharesen-dahatra ity dia manova ny antso iray miantefa amin'ny Kristiana tsirairay, ka tsy hisy hanafoana ny fanoloran-tenany amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly, satria raha tena efa niainany ny fitiavan'Andriamanitra izay namonjy azy, tsy mila mitaky fotoana be hanomanana ny fandehanana amin'ny asa fitoriana izy, tsy andriny aza ny handraisana lesona maro na torolalàna lava. **Misionera avokoa ny Kristiana rehetra hatramin'ny nahitany ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'i Jesoa Kristy ; tsy hilaza afa-tsy « mpianatra » sy « misionera » isika, fa isan'andro isika dia « mpianatra-misionera ».**

Raha tsy resy lahatra amin'izany isika, jereo ny mpianatra voalohany, izay avy hatrany vao nahita an'i Jesoa nijery azy ireo, nandeha nitory ankafaliana : « nahita ny Mesia izahay » (Joany I, 41). Ilay vehivavy Samaritana, mbola tsy vitany ny fifampiresahany tamin'i Jesoa, dia efa lasa misionera izy, ary maro ny Samaritana tonga nino an'i Jesoa “noho ny tenin-dRavehivavy” (Jn 4,39). Masindahy Paoly ihany koa, nanomboka tamin'ny nihaonany tamin'i Jesoa Kristy, « avy hatrany dia nitory an'i Jesoa » (Asa 9,20). Ary isika, inona no andrasantsika ? » (Pape François, *Evangelii Gaudium*, 120). ■

Fizarana Misionera

ANDRAM-PIAINANAKO MISIONERA

FIFAMPIZARANA NATAON'I **Masera Desneiges Giroux****Zanakavavin'ny Fahendrena, OTTAWA, ONTARIO, CANADA**


Tamin'ny nahavitako ny Voady mandrakizay tany Saint-Laurent-sur-Sèvre, ny 22 aogositra 1965, no niantombohan'ity tantara mahavariana ity.

Tamin'izany fotoana izany aho dia nanambara tamin'ny Mera Jeneralinay, Masera François du Christ, ny faniriako handeha hiasa ho misionera « Ad Gentes ». Nandritra ny efitra taona dia niomana tamin'izay ho fiainako toy ny misionera any Argentines araka ny faniriako aho ; hafa anefa ny fitondran'Andriamanitra. Raha tokony nisidina nankany Amerika atsimo ny tenako, dia nandray ny fiaramanidina ho any Papouasie Nouvelle-Guinée anefa. Niroso nankany amin'ny tontolo tsy fantatra aho ! « Ny rivotra mitsioka amin'izay tiany ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay iaviany na izay alehany » (Jn 3,8).

Ny kolontsainan'i Papouasie dia hafa mihitsy oharina amin'ny an'i Canada. Sahala amin'ny hoe miakanjo mivadika ! Kolontsaina nentim-paharazana isan-karazany izay miseho ao anatin'ireo karazana fitenim-paritra, ao anatin'izay finoany, ireo dihy sy hira ary koa ao anatin'ireo fahaizana manokanan'ny isam-poko no hita any. Ireto vahoaka ireto dia mbola mitàna ny fomba nentim-paharazana sy ny finoana ireo fanahy amantsampy, ka niantsoana an'ireo misionera mba hizara eo anivony ny Vaovao Mahafaly « fa efa ao amin'ny fireneny hatrizay Andriamanitra ary fisiana feno fitiavana sy famindrampo ». Tonga ny oran'ny fampielezana ny Evanjely !

Fahasambarana ho ahy ny nanabe nandritra ny dimy taona tao amin'ny sekoly ambaratonga voalohany tao Kiunga, toerana niorenana tamin'ny taona 1959, ary koa tao Daru, renivohitry ny Provinsinay any amin'ny faritra Andrefana. Tany amin'ny sekolin'ny katekista dia nanome fiofanana nandritra ny herintaona aho ho an'ireo lehilahy « papous » izay voaantso hitory ny Vaovao Mahafaly any ambanivohitrany avy. Ho famaliana ny fangatahan'ny pretra tompon'andraikitra tao amin'ny Paroasy, P. Claude Sigouin, Montfortana, dia nampianatra katesizy tamin'ireo dingana isan-karazany tao amin'ny sekoly ambaratonga voalohany sy faharoa tao Kiunga aho. Kanefa, nisy zavatra nilaina teo amin'ny lafiny pastoral tsapa tao amin'ny Paroasy Saint Gérard. Niara-niasa tamin'ny ekipa iray aho mba hanorenana toerana foibe ho an'ny asa pastoral ahafahana mandrindra ireo asa ilaina sy samihafa. Araka izany dia nanaiky ny andraikitra amin'ny maha mpanentana sy mpampiofana eo anilan'ireo masoivoho tompon'andraikitra amin'ny pastoral aho mba hitandrina ny paroasy izay ahitana ny afovoany sy vohitra kely fito mahavariana sy mihetsiketsika manaraka ny reniranon'i Fly. Ny pretra tompom-paritany kosa dia miandraikitra manokana ny fizarana ireo sakramenta, ny fitarihana ny Eokaristia Masina, ny fandaminana ireo fihaonana miaraka amin'ny kristianina sy famaliana izay mety ho zavatra ilaina amin'ny maha olona sy ara-panahy. Niaraka tamin'ireo mpanao raharaha pastoral aho nihaona tamin'ireo « papous » avy any amin'ny vohitra kely mifanalavitra mba hitondra eo amin'izy ireo fankaherezana, mba handrindra ireo fihaonana ary mba hanohy ny fampiofanana an'ireo katekista.

«Niroso nankany amin'ny tontolotsy fantatra aho!»



Tamin'ny taona 1982, izay 27 taona nitoriana ny Vaovao Mahafaly sy ny nanofanana ny Fiangonanay vao niorina teo antoerana, dia tonga ny fotoanan'ny fanavaozana ny paroasy tamin'ny alàlan'ny programa nitondra ny lohateny hoe "Endrim-baovaon'ny Paroasy". Firosoana vaovao izay nirotsahan'ny paroasy manontolo tamim-pahavitrihana sy fiaraha-mientana nahafinaritra izany. Ny tanjonay dia ny hanangana ankohonam-piainana eklezialy fototra kely maromaro tany amin'ireo ambanivohitra rehetra mba hanaovana sy hanatanterahana ny asa pastoral rehetra. Izany programa izany dia mamehy ny fitiavana amam-panajana an'i Virjiny Masina, Renin'i Jesoa-Kristy sy ny vahoaka kristianina. Noraisin'ireo "papous" tamin'ny fo misokatra ny anjara asan'i Maria ao amin'ny fiainany.



Jacob, Sr Desneiges fdl, Cecilia, Gabriel



P. Claude Sigouin, smm , curé-n'ny Paroasy

Torian'ny 22 taona naha misionera ahy tany, **izay nanomezako be sy nandraisako be koa anefa**, dia nandao ity firenena kanto ity aho, toerana izay nahasambatra ahy teo anivon'ny ankohonam-piainana sy tao amin'ny ministerako teo anilan'ireo « papous » niara-niasa tamin'ny relijiozy dia ireo Zanakavavin'ny Fahendrena, ireo Pretra sy Frera Montfortana, ireo Freran'ny Saint-Gabriel ary ireo lahika niroso. Andram-piainana tokana sy nahafinaritra izany!

Nanomboka teo dia naka ainga vao ny endriky ny Provinsin'ny faritra Andrefana sy ny Fiangonana diosezianina ! Miaraka amin'i Mgr Gilles Coté, Montfortana, izay mpitantana sy mpiandry ondry tao, efa 25 taona izay, ny Fiangonana diosezianina dia miroso mankany amin'ny finoana mba hanorina firaisana ao anatin'ny fahasamihafana. Nahitana fivoarana mahagaga nivohitra tao amin'ireo lafiny maha olona sy pastoraly ary sosialy.

Tamin'ny volana jolay 1991 dia niverina tany Canada aho nanohy fiofanana mikasika ny toeran'ny fanahy ao amin'ny fanabeazana, izay naharitra 3 taona, tany amin'ny Institut de Formation Humaine Intégrale tao Montréal. Nifampitohy tamin'izany fiofanana izany, ho famaliana ny antso tsy nampoizina sy nahagaga, tamin'ny volana septambra 1994, dia nisidina nankany Philippines aho mba hanatanteraka nandritra ny 13 taona ny ministerako amin'ny asa fanompoana ny Fiangonana. Làlan-dehibe maro tsy noheritreretina akory no nisokatra ho ahy. **Niatrika fanamby maro koa aho izay nitondra hafalian-dehibe ho ahy.** «Ny rivotra mitsioka amin'izay tiany ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay iaviany na izay alehany... » (Jn 3,8).



Sakaizan'ny Fahendrena - Philippines

Ny fanamby voalohany dia notendrena ho tompon'andraikitra amin'ny fitandremana ny fiantsoan'Andriamanitra tato amin'ny Fikambanana aho. Ny fanamby faharoa, izay manan-danja ihany koa, dia ny fanolorana fiofanana manontolo amin'ny maha olona an'ireo maseranay sy novisinay ary koa an'ireo fikambanam-behivavy sy lehilahy, apostolika sy momba ny religiozy tany amin'ireo faritra sasany tany Philippines, avy any avaratra hatrany atsimo ary avy any andrefana hatrany atsinanana.

Hatramin'ny taona 1991 dia niantso an'ireo antokon'ny Fikambanana ny Filan-kevim-pitantanana Jeneralinay mba hametrahana ny « Sakaizan'ny Fahendrena » (« Ami-e-s de la Sagesse) any amin'izay toerana ahafahana manao izany. Tamin'ny taona 2002 no nandefasako ny antso tamin'ireo lahika mba hananganana izany vondrona izany hanitarana bebe kokoa ny fianakavianay montfortana. Ary satria moa ireo vahoaka avy any Philippines dia olom-pinoana sy mirotsaka mavitrika amin'ny fikambanana sy hetsika paroasialy maro sy samihafa, dia nametraka vondrona telo karazany aho mba hampifanarahana amin'ny fahafahany avy. Ny vondrona voalohany no miandraikitra ireo fihaonana isam-bolana hamafisin'ny famelabelarana momba ny Fahendrena sy ny firosoana manokana.

Ny vondrona faharoa dia mandray anjara amin'ireo fivoriana fanaonay mandritra ireo fankalazana litorjika sy marialy amin'ny fiandreketana ny fanolorana mikasika ny Fahendrena ary ny vondrona fahatelo kosa dia tonga manatrika an'ireo fihaonanay lehibe araka ny fandaminan'izy ireo.



2003, ny Sakaizan'ny Fahendrena nanao fivahinianana masina tao amin'ny Basilique St. Louis -Marie de Montfort, St. Laurent - sur- Sèvre, France

Canada

Philippines

Papouasie

Rome

Inde

France

Indonésie



Madagascar

RD du Congo

Belgique

Malawi

Haïti



*Ny rivotra mitsioka amin' izay tiany ary renao
ny feony, nefa tsy fantatrao izay iaviany na izay
alehany... (Jn 3,8).*



« Miaraka, tiavo, iaino ary torio ny Fahendrena »

Izany no misionan'ireo Sakaizan'ny Fahendrena izay miaina ny aimpanahin'i Masindahy Louis-Marie avy any Montfort miaraka amin'ny Fikambanan'ny Zanakavavin'ny Fahendrena. Efa an-jatony izy ireo manerana izao tontolo izao.

Mandritra ny fipetrahaiko tao Philippines dia matetika aho no mahazo fanasana avy amin'ny firenena maro samihafa mba hiandraikitra fiofanana manontolo amin'ny maha olona ary koa mba hanentana laretirety na fiatahana masina tany Nairobi tany amin'ireo Montfortana, tany Malawi ho an'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena, tany Papouasie ho an'ireo novisinay ary tany Taïwan ho an'ny Institut Thérésiana. Taty aoriana, avy ao Roma, dia nanentana laretirety ho an'ireo Freran'ny Saint Gabriel tao amin'ny Provinsy relijiozin'i Singapour-Malasia aho.

Nizotra tsara tokoa ny fiainana ary nahatsiaro sambatra ery aho nizara izay rehetra voaraiko tamin'ireo relijiozy lehilahy sy vehivavy ary koa ireo pretra sy lahika. Ny fahitako ny fivoaran'ny maha olona sy ara-panahy tao amin'ireo mpandray anjara rehetra dia loharanon-kafaliana lehibe ho ahy.

Tamin'ny lohataona 2007, avy amin'ny Lehibem-pikambanana Jeneraly, Maser Louise Madore, dia nahazo ny fangatahana aho, nazahoako nanomboka teo, toerana ipetrahana maharitra any Roma, mba hanohizana ny fiofanana izay miparitaka manerana firenena 12 ! « Ny rivotra mitsioka amin'izay tiany ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay iaviany na izay alehany... » (Jn 3,8). Tamin'ny 4 oktobra 2007, fety nankalazàna an'i Masindahy François avy any Assise, dia nandray sidina nitodi-doha nankany Roma aho. Tao amin'ny ankohonam-piainana iraisam-pirenena izay misy ny ankohonam-piainan'ny Fitantanana Jeneraly no nipetrahaiko. Ny iraka nankinina tamiko :

« Miasa ho an'ny fizarana fiofanana miompana kokoa amin'ny aim-panahy iainanay, ho an'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena no voloahan-daharana ary araka izay ilain'ireo fikambanana.» Ankoatran'ireo Pretra sy Frera Montfortana dia misy ihany koa ireo fikambanana hafa sy vondrona lahika izay mitady ahy hanome fiofanana.

Ireo fikambanana misitraka izany dia ny any Belgique, France, Haïti, Inde, Indonésie, Madagascar, Malawi, Papouasie Nouvelle Guinée, Philippines ary ny République Démocratique du Congo. Miasa ho an'ny vondron'ny Taona Fahendrena («Année Sagesse ») ao Roma koa aho.

Nandritra ny 8 taona nahafinaritra, izany hoe fepotoana niasàna nohavaozina in-droa, dia tamimpahasambarana no nihaonako tamin'ireo rahavaviko Zanakavavin'ny Fahendrena, tanora sy efa zoky olona, ireo Pretra sy Frera Montfortana, ireo Freran'ny Saint Gabriel, ireo fikambanan-drelijiozy hafa ary ireo lahika efa niroso lalina.

Tamin'ny volana septambra 2015, efa 46 taona nanaovako misiona, dia nangorona ny entako aho mba hiverina indray any amin'ny firenena nihaviako, ilay Canada mamiko. Mbola manohy ny fanentanana any amin'ny foibe roa samihafa aho, ny iray ho an'ireo zoky olona ary ny iray ho an'ireo fivondronan'ny tanora mpianatra.

Mifanerasera amin'ny olona maro avy amin'ny sokajin-taona sy firenena samihafa aho, izay loharanom-panovozan-karena sy hafaliana ho an'ny rehetra.



Tamin'ny volana marsa 2018 dia nanorina ny fikambanan'ny Sakaizan'ny Fahendrena roa avy amin'ny toerana ahitana kolontsaina samihafa fa samy zom-pirenena « Canadien » ihany aho. Tena karazana maro loko tokoa izay ahitana an'ny Haïti, Sénégal, République Démocratique du Congo, Rwanda, Burundi, Burkina Faso ary Canada mazava ho azy. **Mahafaly anay hoy izy ireo ny miaina ny aimpanahin'i Montfort mba hiaraka mitia, miaina ary mitory ny Fahendrena.**

Tahaka an'i Maria tamin'ny Famangiana, Montfort izay nihazakazaka eran'ny vazan-tany ary Marie-Louise izay namela ho antsika ny fitiavana mba ho vavolombelona velona koa isika, maniry hitondra an'i Kristy Fahendrena any amin'ireo izay nanirahina ahy aho mba « hanana fiainana tsy lany laniana ny rehetra ». (RV#1c) ■



2016-2020, Sr Desneiges Giroux, fdls, manentana famelabelarana iray ao amin'ny Centre Pauline Charron ho an'ny be antitra.



Sr Desneiges Giroux, fdls, miaraka amin'ny ankizivavy kely iray any Indonésie.



Sr Desneiges Giroux miaraka amin'i Sr Rani, Lehibem-pikambanana Jeneraly ankehitriny. Sary nalaina tany Inde.



Fandraisana araka ny fomba fanao any Inde nataon'i Sr Shiny Joseph, fdl



Sr Desneiges Giroux, fdl, miaraka amin'ny filipianina vitsivitsy ao amin'ny toerana tena mahantra iray any Manille, ao Philippines.

*Tonga ny oran'ny
fampielezana ny Evanjely!*

« Mijaly miaraka amin'i Kristy ny vahoaka "biélorusse" ary mahafoy tena amin'ny ady ho an'ny Fahamarinana »

Nosoratan'i Eucikava Daria, avy ao Biélorussie



Ato anatin'ity fifampizarana ara-panahy mirehidrehi-pitiavana ity dia miresaka zavatra roa i Daria izay, raha jerena indray mitovy maso, toa mitovy anefa toa samihafa ara-pototra na dia tsy mifanohitra aza. Etsy an-andaniny dia mitantara ny fahafantarany ny "Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria" araka ny nampianarin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort izy; etsy ankilany kosa dia tantarainy ny "Fanokanan-tena amin'ny Fo Madion'i Maria" avy amin'ny "Fivondronam-ben'ny Eveka Katolika ao Biélorussie" tohin'ireo hafatra napetrak'i Maria tamin'ny nisehoany tany Fatimà, any Portugal, ny taona 1917. Ohatra ny hoe iray ihany ireto fanokanan-tena ireto noho ny fampiasana ilay teny mitovy hoe "fanokanan-tena" hoan'ireo dingana roa.


Kanefa ny "Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria" natolotr'i Montfort, toy ny fanavaozana manontolo ireo toky nomena tamin'ny batemy, dia mamaritra ny fiainana kristianina mihintsy, ka noho izany izy dia maharitra, masina, feno fitiavana ary mitodika any amin'i Jesoa irery; mifono ireo fomba fanao ivelany sy anaty izy, izay noraisina ho tena anisan'ny manamasina ny tena indrindra ary koa fomba fanao maro izay ampiarahana amin'ny fandraisana ny Komonio masina.

Ny « Fanokanan-tena amin'ny Fo Madion'i Maria » kosa anefa dia fihetsika maneho fitiavana *amam-panajana* (amin'ny endrika vavaka na fankalazana) izay tanteraka amin'ny fotoana iray sy toerana iray nomena. Ity fomba fanao ity, na dia voasokajy toy ny anisan'ireo fomba fanao ivelany eo amin'ny fiainana kristianina araka ny nampianarin'i Montfort – toy ilay vavaka Fanomezam-boninahitra an'i Masina Maria, ny Tononkiran'i Maria sy ny Raozery – dia mitoetra miavaka tsara amin'ny iray amin'ireo fomba fanao ivelany izay nampianariny, antsoina hoe « ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria » sahala amin'ny mpanompom-pitiavana ; ary ny anisan'ny vokatr'izany dia ny mampazoto kokoa antsika hampitombo ireo asa fanasoavana ka amin'ny alàlan'i Maria no anolorantsika azy amin'i Jesoa, satria ity fomba fanao ivelany ity dia mila fiomanana maharitra 30 andro ary havaozina isan-taona sy isan'andro mihintsy aza.

Amin'izao fotoana izao isika dia mahita amin'ny aterineto ny famoronan'ny olona sasany fitaovana afaka ampiasaina mba hiomanana mandritra ny 33 andro ahafahana miroso ho amin'ny « Fanokanan-tena amin'ny Fo Madion'i Maria ». Noho izany dia toy ny fitambaran'izay nampanarin'i Montfort sy izay nafaran'i Maria tany Fatimà izany.

Ao amin'ny Fanokanan-tena nampianarin'i Montfort anefa i Maria dia hita toy ny olona, amin'ny tenany manontolo, vatana sy fanahy, ao anatin'ny mistery mandrakizay an'i Kristy sy an'ny Fiangonana (cf. *Lumen Gentium*, chapitre VIII) izay tsy voamarika fotsiny amin'ny « Fony Madio ». Raha miresaka fo Montfort dia mitodika amin'ny fon'ny olona iray izay manokan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria, satria ao anatin'io fo io no hanjaka i Jesoa (VD 38, 113), noho ny asan'ny Fanahy Masina izay miara-miasa amin'i Maria, « ilay Mpanjakavavin'ny fo » (VD 38).

Kanefa, raha toa ny “Fanokanan-tena amin'ny Fo Madion'i Maria” izay niainana toy manankery lehibe ao amin'ny fanavaozana ny fiainana sy izao tontolo izao, inona ary no hilazàna an'ilay “Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria”, izay fahaiza-miaina manokana ny maha kristianina niainan'ireo “olomasina malaza indrindra, ireo fanahy heniky ny fahasoavana sy ny hatsaram-panahy (VD 46) satria ny Fanahy Masina hiteraka an'i Jesoa-Kristy ao amin'izy ireo sy hiteraka azy ireo ao amin'i Jesoa-Kristy?” (VD 20).



Deraina anie Jesoa Kristy!

Avy aty Biélorussie aho no manoratra ho anareo, firenena tena kanto miaraka amin'ireo farihy manga ery. **Daria** no anarako. Ao amin'ny Paroasy Saint Jean Evangéliste ao Minsk no misy ahy. **Folo taona lasa izay no nahalalako voalohany an'i Masindahy Louis-Marie Grignion avy any Montfort rehefa nandray teo an-tànako boky kely iray tamin'ny teny "russe". Nifono mistery ny lohatenin'io boky io : "Ny tsiambaratelon'i Maria".** Kanefa tamin'izany fotoana izany dia nihevitra aho fa izany fampianarana izany dia ilàna fitiavam-bavaka be ary ny mpanoratra azy dia lehilahy feno fahamasinana tsy hay takarina sy tsy mifanaraka loatra amin'ny vanim-potoana iainantsika. Natoritry naharitra teo ambonin'ny toeran'entako io boky iray io. Fa manana ny fandaharany ho an'ny voa nafafy tsirairay anefa Andriamanitra.

Indray andro ary, raha nanao veloma mandrakizay ahy ny namako mialohan'ny hidirany tany amin'ny tranon-drelizojin'ny Masera Karmelita, dia nanoro hevitra ahy izy mba hanokan-tena amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny tàmnan'i Maria, araka ny nampianarin'i Masindahy Grignion avy any Montfort. Hoy izy nanazava tamiko : "Amin'izay, ny vavaka asandratrao rehetra dia an'i Masina Maria Virjiny ary izy ihany no hisafidy ny fangatahana ilaina ao anatin'izay vavaka ataonao, satria ny Renin'Andriamanitra dia mahafantatra hoe ho an'iza no tokony hivavahana amin'ny fotoana maha mety izany."

Nisy trangan-javatra maro tena nahatsiravina teto amin'ny fireneko tamin'ny volana aogositra 2020 teo. Mety hitoetra ao amin'ny tantara toy ny "fikorontanana fotsy" fotsiny ihany ireny zava-niseho ireny, noho ny lokon'ny tady kely izay nafatoty ny vahoaka tamin'ny tàmnan'ny nandritra ny fifidianana sy ireo fanehoana milamina ny fanoherana ny fanaovana ankosoka ny fifidianana. Ny hasiahana nentin'ny fitondram-pahefana nanafenana ireny hatezeram-bahoaka ireny dia nametraka marika sahala amin'ny piti-drà tamin'ny tady kely fotsy tety aminay. Raha nafatotra tamin'ny tàmnan'ny saina fotsy-mena-fotsy – tahaka ny lamba namonosana ny fatin'i Kristy izay voapentin'ny ràny masina indrindra teo ampofovoany – moa tsy ny sainam-pirenenay mihitsy va no nohitsakitsahin'ny fahefana tamin'ny taona 1995?



Sarin'i Daria nalaina tao Minsk ny printemps 2020.

Ny zavatra nahatsiravina nitranga nandritra ireo andro voalohany dia niteraka fisavorovoroan'ny sarambam-bem-bahoaka lehibe ary nampiray ny vahoaka manontolo. Toy ny hoe niteraka toe-javatra mihodinkodina ny tantara ary nampiverina tety an-dàlana ireo hasiahan'ny fampirohohana nataon'ny "soviétique" fa ny mampiavaka azy dia : ankehitriny, miharihary loatra eo imason'ny vahoaka ny tsy fahamarinana sy ny lainga ataon'ireo fitondram-pahefana eto amin'ny firenena. Tonga saina ny olona amin'ny lanjan'ny tokony handàvana ireo haratsian'ny kaominisma, ny lainga ary ny mba hiteny ho fanoherana ireo herisetra andavanandro.

Andian'olona feno fanenenana mitanjozotra amina kilometatra maro, dia-masina miaraka amin'ny fanaovana Raozery, fivavahana eny amin'ireo toerana misy ny fasan'ireo natao sorona noho ny fahatsiravin'ny kaomonista, eny rehetra eny ireo kristianina maro avy amin'ny finoana isan-karazany dia nandray anjara tamin'ireo hetsika avokoa. Nisy tamin'ireo Eveka Katolika aza no naneho mafy ny heviny mba hiaro ny vahoaka sy hanameloka ny herisetra tsy voamarina. Ireo Sorona Masina sy ireo toritenin'ny Evekan'i Minsk dia nahavory olona maro an'isa tokoa, ka tena rakotra ilay tany malalaka manoloana ny Fiangonana. Ny katolika sy ortodoksa, protestanta sy tsy manam-pinoana, ireo be antitra sy tanora dia samy niaraka nivavaka sy nitomany ary nihira avokoa... Niseho ny fireneko toy ny nifoha tamin'ny torimasony.

Na dia teo aza ireo voarara, fandrahonana, fisamborana sy fanagadrana, dia nanohy ny fitakiany ny fahafahana sy ny fahamarinana hatrany ny olona, mba hivory hivavaka eny amin'ny arabe mamakivaky ny tanàna, eo am-pilanjana ireo peta-taratasy misy teny nalaina tao amin'ny Soratra Masina sy Lakroa ary Sary Masina. Tamin'io fotoana io dia tonga teny faminiana ho an'ny vahoakako ireo tenin'i Masindahy Grignon avy any Montfort ireto : « **...hiteny tsy amin'ahiahy amin'ny olona rehetra izy ireo, tsy hanana tomo sy hala fa hiaino azy ireo ary tsy hatahotra na dia ny manam-pahefana aza....eo an-tsorony ny fanevan'ny Hazofijaliana mihosin-drà, eo an-tànana havanana ny sarin'i Jesoa Kristy mifantsika, eo an-tànana havia ny sapile, ao am-pony ny anara-masin'i Jesoa sy Maria, ao ny fitondran-tenany manontolo, ny fandavan-tena amam-pahatsoran'i Jesoa Kristy » (VD 59).**




Ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria tao amin'ny Paroasy St Jean l'Evangéliste, 7 oktobra 2020.

Iza moa no hanampo fa ho tanteraka ara-bakiteny ireny teny ireny !

Tamin'ny indray andro izay, tao anatin'ny fifandraisana mivantana tamin'ny alàlan'ny fitaovan-tserasera nataon'ny vondrona iray ao amin'ny Paroasinay, dia nisy olona namerina nitantara ny fijoroana vavolombelona nataon'i Fr. Ouladzimir Vaytsiakovitch, mpikambana ao amin'ny « Légion de Marie ». Tao anatin'izany dia nilaza izy hoe : « **Raha toa ka misy fanahy maromaro no manokan-tena amin'ny Fo Madion'i Maria, tahaka ny ohatra nomen'i Md Joany Paoly II, dia hiala ato amin'ny firenentsika i Satana ary hanjaka eto amin'ny tanintsika ny Fanahy Masina. »**

«Amin'izay, hisy zava-mahatalanjona ho hita ety an-tany, noho ny fahitan'ny Fanahy Masina an'i Maria ao amin'ireo fanahy tia azy....»



Inserire testo


Mampiharihary amiko ny làlana mahitsy mankany amin'ny famonjena Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fitantanany : tsy maintsy manao ny fanokanan-tena manontolo aho ! Fa amin'ny fomba manao ahoana moa no hahatanterahan'izany Fanokanan-tena izany ? Ny sakana misy dia ny fomba ahitako ireo fepetra fanomanana mandritra ny 33andro araka ny nampianarin'i mompera avy any Montfort amin'ny fiteny « biélorusse ».

Ny hany mba hitako dia dikan-teny nataon'i P. Fryderyk WilhelmFaber : «**33-dniowy kresćwiczeń duchowychdo Aktu Ofiarowaniasię Jezus owi Chryst usowiprzez Maryję**» amin'ny teny “polonais” ary ny boky natonta voalohany dia amin'ny teny anglisy.

Ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria tao amin'ny Paroasy St Jean l'Evangéliste, 7 oktobra 2020.

Kanefa naminany sahala amin'izany mialoha koa i Masindahy Grignon avy any Montfort : « **Amin'izay, hisy zava-mahatalanjona ho hita ety an-tany, noho ny fahitan'ny Fanahy Masina an'i Maria ao amin'ireo fanahy tia azy. Hanenika azy ireo Izy ary hameno azy ireo fahasoavana sesehena, indrindra ny fahendrena mba ahafahany manatontosa fahasoavana mahagaga. (...) Tsy ho avy izany vanim-potoana izany, raha tsy fantatra sy atao ity fitiavana amam-panajana ampianariko ity » (VD 217).**

Mompera Aleg Chpéts, lehiben'ny Paroasy St Jean l'Evangéliste (Paroasin'i Daria) eo am-panatanterahana ny Sorona Masina lehibe, 7 oktobra 2020.





Ny Arseveka Mgr Tadéouche Kondroucévitch manao sapile manoloana ny foiben'ny fitàhana amponja vonjy maika (aogositra 2020).

Manana rahavavy iray aho, mipetraka any Australie izay miasa saina mafy amin'ny firenenay; vantany vao nahalala izy ny fisian'ity fomba iray fanaovana ny Fanokanan-tena ity, dia nampirehidrehitra fatratra azy izany ary nanapa-kevitra ny hanomboka avy hatrany ny fiomanana sy nanasa ireo namany izy mba hanao toy izany koa. Mba hahatanteraka izany dia nadikany tamin'ny teny “russe” ny teny fampidirana amin'ny fandinihan-tena tao amin'ilay boky amin'ny teny anglisy, edisiona 1862, voalaza etsy ambony. Tao amin'ny tranokala natokana ho an'ireo fisehoan'i Maria tao Medjugorjie, dia nahita lahatsoratra maromaro amin'ny teny “russe” izahay momba ireo fandinihan-tena isan'andro. Azo natomboka ny fiomanana miaraka amin'ireo lahatsoratra ireo. Nanandrana nanolotra hevitra koa aho mba hikarakara vondrona manokana hanao izany tao amin'ny Paroasy. Olona vitsivitsy no namaly ny fanasako, ary nihamaro izany taty aoriana... .

Hitako tamin'izany fa ny rehetra dia naniry ny handray izay fomba rehetra mety atao mba hanampiana ny fanafahana ny firenena amin'ny fahefan'ireo be saina mpametsifetsy. Akory ny hagagako fa nihanitombo isa ireo mpanondray anjara, nisy koa aza pretra izay tsy fantatro akory, kristianina avy any amin'ny Paroasy manodidina. Niantso ahy ny tao amin'ny “Radio Maria” ary nanasa ahy mba hiresadresaka momba ny hevitra sy ny tanjon'ny fiomanana ho amin'ny Fanokanan-tena. **Dia nolazaiko avokoa moa izay rehetra fantatro momba ity fomba fanao ity, izay tsy dia fanta-daza loatra aty aminay.**

«Raha toa maromaro
 kokoa ireo olona nanana
 fahafahana hiroso
 amin'ity fomba fanaovana
 Fanokanan-tena amin'i
 Jesoa Kristy amin'ny
 alàlan'i Maria ity, araka
 ny fomba fanaon'i
 Montfort, dia hiely
 eran'ny tanintsika ny
 Fanjakan'Andriamanitra!>>

Nampatahotra ahy izany andraikitra lehibe izany, nazava tamiko anefa fa asan'Andriamanitra izany ary izaho, tsy inona fa fitaovany malemy ihany.

Vokatr'ireo ezaka niombonana dia vitanay dika tamin'ny teny "biélorusse" ireo vavaka isan'andro sy ny fomba Fanaovana ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria. Dia noho ny fanampian'ny Fanahy Masina ary dia nahavita ny fotoam-piomanana ny vondrona voalohany. Tamin'ny 7 oktobra, fankalazana lehibe an'i Masina Maria Mpanjakavavin'ny Raozery no tanteraka ny Fanokanan-tena. Rehefa voatonona am-pahibemaso ireo teny atao amin'ny Fanokanan-tena, tao amin'ny Paroasinay, dia naneho ny hery sy ny voka-tsoa avy amin'ny fotoam-piomanana, ny fahasamihafana manokana sy ny lanjan'ny zavatra niainana tamin'io fotoana io ireo mpandray anjara.

Nahatsapa sahadry aho fa tsy fiasarana fa dingana voalohany hirosoana mankany amin'ny làlam-pihavaozana ara-panahy aty aminay izany. Raha toa maromaro kokoa ireo olona nanana fahafahana hiroso amin'ity fomba fanaovana Fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alàlan'i Maria ity, araka ny fomba fanaon'i Montfort, dia hiely eran'ny tanintsika ny Fanjakan'Andriamanitra!

Nanomboka nitady izay fomba rehetra ahafahana manokatra tranokala ao amin'ny aterineto aho mba ahafahan'ny tsirairay mahita izay tokony ho fantatra ilaina sy mba hirosoana, amin'ny fotoana rehetra, amin'ireo 33 andro fiomanana. Tsy maintsy atao amin'ny fiteny ahaizan'ny mponina "biélorusses" azy koa anefa izany. Raha toa ka any amin'ny firenen'i Pologne, izay ahatsapana fa tena fanta-daza ity fomba fanao vokatry ny fitiavam-bavaka ity sy ahitana karazana fomba fanatanterahana ireo 33 andro fiomanana ireo, ary misy aza 33 andro hanaovana fiatahana masina amin'ny alàlan'ny aterineto, aty Biélorussie kosa dia mbola vitsy ireo olona izay mahalala ihany na tsy mahafantatra mihintsy aza an'i Md Grignion avy any Montfort. Manaraka izany koa moa, toa tsy nanantena loatra aho ny hahita olona haniry handika ireo lahatsoratr'ity olomasina ity ary koa ho liana amin'ny fampielezana ny aim-panahy montfortana. Dia nisy nanoro hevitra aho hiresaka amin'ny "légionnaire" iray: Nathalie Dorochkévitch.



Manoloana ny foibe fitànana am-ponja vonjy maika, ny Arseveka Mgr Tadéouche Kondroucévitch mivavaka miaraka amin'ireo vahoaka tafavory teo mba hanohitra ny fanagadrana tsy an-drariny. (aogositra 2020)



Ny Fiangonana Saint Simon sy Sainte H el ene, ao Minsk. Vavaka ho an'ireo niharan-doza, ireo gadra ary ireo maty nandritra ny tolona fanoherana ny fanaovana ankosoka ny fifidianana (septambra 2020).



Ny solon-tenan'ireo finoana kristianina samihafa sy ny jodaisma ary ny silamo dia samy nivory tao amin'ny Fiangonana Saint Simon sy Sainte H el ene mba hivavaka ho an'ny firenena - aogositra 2020.

Akory ny hagagako sy ny hafaliako raha nahalala fa i Nathalie no mpandika-teny tokana an'ireo asasorat'i Montfort aty Bi lorussie ary eo am-pikarakarana indrindra ny fanomanana ireo lahatsoratra ilaina amin'ny fiomanana amin'ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny al alan'i Maria, araka ny fomban'ilay olomasina tiany indrindra izy!

Efa voalahatr'Andriamanitra noho izany ny zava-drehetra : nomeny ny tsirairay ny aingam-panahy sy ny fahasoavana ilaina mba handrindràna ity raharaha ity araka ny maha mety azy!

Tao anatin'ny iray volana latsaka monja dia vitan'i Nathalie ny dikan-tenin'ilay boky nosoratan'i Fr. Jacques Hubert, SG, « La petite voie de Saint Louis-Marie de Montfort ». Nomaniny tamin'izany koa ny tranokala iray mifanaraka amin'izay lohahevitra jerena miaraka amin'ireo torolàlana ilaina ho an'ny fandinihan-tena isan'andro. Ny hany sisa anjarako dia ny manentana ireo mpandray anjara ho vondrona vaovao mety ho vonona hiomanana hiroso ho amin'ny Fanokanan-tena araka ny fomba fanao montfortana.

Tamin'ny 5 novambra, nahatratra zato mahery ny olona nanomboka ny fiomanana hiroso ho amin'ny Fanokanan-tena manontolo amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria, izay notanterahina ny 8 desambra, fankalazana manetriketrika an'i Masina Maria Notorontoronina tsy azon-keloka, mba azahoana fahasoavana ho an'ny firenenay mijaly. Ny fito tamin'ireo olona ireo dia avy amin'ny Paroasinay ary nanao ny Fanokanan-tenany izy ireo taorian'ny Lamesa, tao amin'ny Fiangonanay ihany.



Vavaka fampibebahana mba hampijanona ny herisetra ataon'ny fahefan'ny governemanta manoloana ireo mpilahatra milamina – aogositra 2020.

Fifandrifian-javatra moa fa tamin'io andro lehibe io dia nanapa-kevitra ny hanokana ny firenena amin'ny Fo Madion'i Maria ny lehiben'ny Fivondronambe ny Eveka Katolika eto Biélorussie. « **Amin'ny alàlanao, ry Renin'Andriamanitra Imakole, eto ampototry ny Otelin'Andriamanitra be Famindrampo sy Be Fahefana, no anoloranay [...]** »

« Nampatahotra ahy izany andraikitra lehibe izany, nazava tamiko anefa fa asan'Andriamanitra izany ary izaho, tsy inona fa fitaovany malemy ihany »



ny fivalozanay amin'ny fahotan'ny vahoaka, sy ny fanatitry ny vavakay ho an'ny fanafahana amin'ny valan'aretina coronavirus ary koa ho an'ny fitsaharana tsy ho ela ny krizy sosialy sy politika. »

Ireo vavaka fanokanana an'i Biélorussie ireo dia notononina isaky ny Fiangonana tamin'ny 8 desambra.

Nanatrika izany koa aho niaraka tamin'ireo kristianina iray Paroasy amiko, ary tamin'ity andro ity dia nanokan-tena tam-pahibemaso tamin'ny Fo Madion'i Maria aho ho fangatahana ny fahasoavana ho fanenenana sy ho fibebahana ho an'ny mpiray firenena amiko, mba hitoetra ao amin'ny fanahy tsirairay ny Fanjakan'Andriamanitra.

Manararaotra izao fotoana izao aho mba hangataka aminareo hivavaka ho an'ny vahoaka « biélorusse », mba ahafahanay mampahafantatra ireo asasotr'i Md Grignon avy any Montfort, ho an'ny fibebahan'ireo fanahy very, ho an'ny fitiavana amam-panajana marina an'i Virjiny Masina indrindra eo amin'ny làlam-pamonjena an'ireo fanahy, mba hanaparitaka ny Fanjakan-Janany eto amin'ny firenenay, izay tena mangetaheta fiadanana anie i Masina Maria Mpanjakavavin'i Biélorussie.

Ho tahian'Andriamanitra anie ianareo !

Amim-pitiavana feno fankasitrahana sy fanajàna,

Daria ■

Еўсікава Дар'я
вул. Кунцаўшчына
д. 35, кв. 75
220017 г. Мінск
Беларусь

Eucikava Daria
ul. Kuncaushchyna
d. 35, kv. 75
220017 Minsk
Belarus

Daria sy ny zanany tao amin'ny Sanctuaire National de Notre-Dame Boudlsave, Mpiaro an'i Biélorussie, jolay 2020.

Vaovao

«Mpanompo marina an'i Virjiny Masina, tahaka an'i Masindahy Dominique »

P. Giovanni M. Personeni, SMM

« Mpanompo marina an'i Virjiny Masina, tahaka an'i masindahy Dominique » (cf. PE12). Ireo ny tenin'i Montfort, ao amin'ny vavaka mivaivay nataony, izay tonga tao an-tsaintsika rehefa nahafantatra akaiky kokoa an'i mompera Gildo Sacco isika.

Tanterintsika manaraka eto ny fijoroana vavolombelona tsara tokoa nataon'ity pretra dominikanina ity izay naniry ny hanokan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria, araka ny fiheveran'i Masindahy Louis Marie avy any Montfort, amin'ny firotsahana ho mpikambana ao amin'ny Association Marie Reine des Cœurs, sahala amin'ireo pretra maro latsa-pitiavana manokana amin'i Maria, teo amin'ny fizotry ny tantara. Fihetsika manohina tokoa noho ny trangam-pahasembana manokana misy eo aminy izay tsy mahatonga azy tsy afa-mamindra, fa koa noho ny fanahiny raiki-panajana lalina an'i Maria amin'ny maha pretra azy.

BARI, Italie du Sud – Izaho no **Fr. Ermenegildo Domenico M. Sacco**, pretra dominikanina, ary ao amin'ny Basilique Pontificale de Saint Nicolas ao Bari aho no manatanteraka ny ministerako. Tamin'ny faha 27 septambra dia fahasoavana lehibe ho ahy ny niaina niaraka tamin'i P. Giovanni M Personeni sy roa tamin'ireo rahalahiko dominikanina, ny fotoan-dehibe nanaovako ny Fanokanan-tena manokana amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria, araka ny fomba natoron'i Masindahy Louis-Marie Grignon avy any Montfort.

Tantaram-pitiavana sy fitantanan'Andriamanitra izay efa nampifandray ireo mpanorina ny fikambanan-dreljiozinay mialohan'ny nirotsahan'ny tenako tao koa : Masindahy

Dominique sy Masindahy Louis-Marie. Ny zava-nisy izay nampiombona ireto mandan'ny finoana roa ireto indrindra dia ny fitiavana sy fanajana an'i Virjiny Masina ary koa ny fomba fanao vokatry ny fitiavam-bavaka ny Raozery Masina. Ny fanambaràna an'izany fomba fanao vokatry ny fitiavam-bavaka izany dia nomena an'i Dominique sy ny Fikambanany ; raha niseho tamin'i frera Alain de la Roche ny Virjiny Masina ka nampanantena fahasoavana tsy tambo hisaina.



Ho ahy manokana dia hitako tao amin'i Masindahy Louis-Marie, izay nifandray ihany koa tamin'ny Fikambanana Dominikanina toy ny Tersiera, fa mpanohy sy mpampielany izany asa masin'ny Raozery Masina izany izy. **Koa noho izany, ny tenako izay frera dominikanina, miaraka amin'ny Fanokanan-tenako manokana amin'i Maria, dia heveriko fa tonga nofo tato amiko, tamin'ny fomba tsy mendrika, ilay fitiavana manokana izay tsapan'i Masindahy Louis-Marie tamin'i Masina Maria Virjiny raha nanjary tonga tersiera izy.** Dia ireto ireo vokatr'ilay Fanahy izay mampiombona an'izao tontolo izao ao amin'ny vavaka.

Ao amin'ny fiainana maha relijiozy ahy dia manohana sy manampy ahy Maria. Mankahery ahy izy mba ahafahako manohy miaina ny fiainako maha « maratra ao amin'ny vatako » ahy : **ao amin'i Maria no ahitako ilay tohana azo antoka indrindra ahafahako mananika isan'andro ny tendrombohitry ny Kalvery, ao amin'ny vavaka toy ny ao amin'ny fiainana, mba hahafatesako miaraka amin'i Jesoa sy ao amin'i Jesoa, mba ho teraka indray isan'andro ho an'i Jesoa.** Ny rojo vy voaraiko taorian'ny Fanokanan-tenako manokana dia natao ho famantarana ny faharetako, na anatin'ny fotoan-kafaliana izany na anatin'ny fotoam-pahoriana ka ahatsapako ny tenako voafatotra, mba tsy ho adinoina fa eo anilako dia misy mandrakariva ilay fisian'i Maria matoky sy maha reny ary mitondra fiadanana.

Amin'ity fijoroako vavolombelona izay nipololoitra avy ao am-poko ity dia manantena aho, mialohan'ny zava-drehetra, ny hampita ny hafalian'ny finoako amin'ireo tsy mino.

Ary farany, iriako ny hisaotra an'i P. Giovanni M. Personeni tamin'ireo fotoam-pahasoavana sy fahendrena niainana tao amin'ireo fihaonana nanaovana ny fandalinam-pinoana. Ny Tompo anie hitso-drano ireo androm-piainanao sy hanome anao hery sy faharetana mba hitondranao, miaraka amin'i Maria, ny fahazavan'ny Teny tonga nofo any amin'ny olona tsirairay.

Frera Ermenegildo Domenico Maria Sacco, OP ■

FANOKANAN-TENAN'TREO MPIKAMBANA VAOVAO

Ny Association Marie, Reine des Cœurs, Faritra Java Andrefana

P. Jeje, SMM



BANDUNG, Indonésie - Ny fanokanan-tena dia isan'ny hetsika faratampony amin'ny « Fivahinianana Masina Anao manontolo ry Maria » (Fiomanana amin'ny Fanokanan-tena) ataon'ireo lahika mpiara-dia, mpikambana ao amin'ny Fikambanana Association Marie Reine des Cœurs (AMRdC). Ny faniriana te hanavao ny fanomezan-toky natao tamin'ny Batemy noraisina manoloana an'Andriamanitra io no antony mahatonga ity fanokanan-tena ity ho fotoana tena andrasana fatratra. Tamin'ity indray mitoraka ity, miisa enina mianadahy izy ireo, mpikamban'ny AMRdC amin'ny faritra Rezionaly Java Andrefana (**Lidwina Y. Winly, Vincentia N. Herliana, Irène L. Kumalasari, Maria G.S. Tandra, Christine A.D.M et Ady T. Kresnawan**), izy ireo no niaina sy nahatsapa izao fotoam-pifaliana izao.

Ity Fanokanan-tena ity dia tena niavaka mihitsy raha ny tantaran'ny ivon-toerana rezionaly no zohina. Fa nahoana? Satria ankoatran'ny fisafidianana ny datin'ny 8 Desambra izay mifanojo indrindra amin'ny fankalazana ny fetin'i Masina Maria notorotoronina tsy azon-keloka, ny fankalazana dia tao anatin'ny valan'areti-mandringana Covid-19. Ity valan'aretina ity izay mandidy ny fankalazana ny Fanokanan-tena hatao tsotsotra. Tsy nisy ny olona nasaina. Tsy nisy fianakaviana na mpikambana AMRdC hafa afaka nanatrika izany. Ireo mpiray fikambanana ao amin'ny ankohonam-piainana Gunung Kencana sy ny Mpanolo-tsaina Rezionalin'ny AMRdC Java Andrefana ihany no vavolombelona sy nanatri-maso ny fanokanan-tena voalohan'izy enina mianadahy lahika Montfortana ireto.

Ny fankalazana ity Fanokanan-tena ity dia notarihan'i Mompera Anton Tensi, SMM, Lehibem-pikambanana any an-toerana. Tamin'ny fampandinihan-tena nataony, dia notsipihany mazava ny antony sy ny tanjon'ny Fanokanan-tena ao amin'i Kristy amin'ny alalan'i Maria: **fomba iray mahatonga antsika ho mpanompo an-tsitrano an'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria, ao amin'ny Fanahy Masina.**

Mirary soa antsika rehetra amin'ny fanohizana ny Fivahinianam-piainana, miaraka amin'i Masindahy Louis Marie avy any Montfort! ■

Tononjiran'i p. Montfort



Ireo Fandriky Izao Tontolo Izao

Fandrika Voalohany: **NY LOKA**



1. Ny lalao amin'ny maha lalao azy tsy ratsy
Tsy misy zava mahafaty,
Tena mifanohitra amin'izay aza :
Fotoana hakana bahana
Tsy misy ezaka na fetra ,
Fotoana fialam-boly
Ahafahana miasa mafy hatrany
Rehefa ilaina izany

2. Tsy nandrara ny lalao Andriamanitra
Rehefa atao amin'ny fotoana sy toerana mety aminy
Tsy manohina ny Fahendreny,
Hialana voly moramora,
Hifaliana am-pahamasinana,
Hisokafana amin'ny namana ,
Hanalana ny ratram-po.
Ny tebiteby sy alahelo.

3. Ireo Olomasina na matotra aza ,
Mba nilalao koa indraindray,
Araky ny voasoratra ao amin'ny tantara
Ny Fitiavany no namorona ,
Ny Fanahy Masina no nitarika azy
Tena lalao tsy misy tsiny
Feno fitiavana sy mangoraka ,
Feno fahasoavana sy voninahitra.

4. Toy izao no endriky ny lalao
Mba ho voninahitr'Andriamanitra ,
Mba ho famonjena :
Fadio ny loka ,
Ho very ny fanahy na ho ela na ho haingana,
Ireo lalaon-tsaina no tena lafatra
Tia Andriamanitra ho amin'ireo mpanompony
Izay milalao mba hampifaly Azy.

5. Ny lalao tsy tokony hiredareda
Fa voalanjalanja , malefaka sy mailo
Amin'ny fotoana mahamety azy ,
Tsy misy ady , feno fitiavana,
Tsy misy ny tsy rariny , feno voninahitra,
Tsotra tsy mamatotra,
Tsy misy irika ho an'ny ratsy,
Marina sy be fitivana .

6. Aleo tsy karatra sy kodiakely
Fa lalao hafa toy ny « dames, sy échecs »
Na lalao karazany toy izany ;
Aza milalao amin'ny fotoana rehetra,
Fa amin'ny toerana sy fotoana sasantsasany ,
Miaraha amin'ireo naman'Andriamanitra
Amin'izay avelanay hilalao ianao
Eny izahay mihintsy aza no hitondra anao.

7. Fa firy moa ireo lalao nandrarana !
Olona firifiry no very tao
Tsy nnahtsakaritra hafetsena akory!
Ny lalao kisendrasendra hita
Ny devoly sy ireo voaozona ,
Mba handaniana ny fotoan-tsarobidy
Nomena hikatsahana ny lanitra
Eo am-panantanterahana ny marina.

8. O ry fotoana ,fanomezan'ny Fanahy Masina ,
O ry Ra sarobidin'I Jesoa Kristy ,
O ry fotoana mana-danja indrindra !
Mpilalao karatra sy lalao kisendrasendra ,
Rehefa ho faty ianao , maro nenina
Teo am-pandaniana ny fotoananao
Tamin'ny lalao sy fialam-bola tsy misy dikany,
Tsy mba nibebka akory .

9. Raha ireo very any amin' ny afobe
Mba nanana na ora iray izay laninao,
Hanaraka ny hadalanao ve izy ireo?
Hitantsika mitomany , mikikiaka ,
Mifady hanina sy mampijaly tena .
Ah , inona no nataony raha nanana izy ?
Ianao anefa manana , ataovy izay tokony nataon'izy
ireo,
Mandritra ny andronao sisa

10. Ny mpilalao dia feno tebiteby lava ,
Nitaitaina , miovaova , tsy milamina
Toy izany koa ny vintany;
Resy izy , amin'ny sainy te hahazo ,
Ny fitiavana ny hafa
Izay tsy mitady afa tsy hahazo,
Na hanatratra sy hamitaka ,
Tsy misy indrafo.



11. Fahotana avokoa no vitan'ny mpiloka
Na ny tanana, na ny vava , na ny fo ,
Izay tsy heverina akory !
Fanaratsiana , fianianana,
Tabataba sy fidradradrana ,
Lainga maro afenina,
Fitaka manify sy feno hafetsena ,
Fankahalana sy valifaty .

12. Ny mpiloka iray mandany andro amin'ny lalaony
Tsy ho an'ny tenany na ho Andriamanitra intsony,
Ny loka no manentana azy .
Ny loka no mitondra azy ,
Ny fanhainy sy ny vatany ,
Ho azy ihany no mampavitrika azy,
Ho azy ihany no mahavoangeja azy,
Amin'ny fatorana mahafaty azy.

13. Mino isika fa ny lalao mampahazo ny soa,
Nefa raha ny marina , mahavery ny soa
Izay no tsapa.
Ny vola azon'ny mpiloka,
Tsy voatahin'Andriamanitra
Na ho ela na ho haingana ho ratsy fiafara
Antsoin'ireo Olomasina ho mpandainga
Na ireo kely izay hita indrindra.

14. Ireo mpiloka sakaizan'ny karatra
Dia mpangalatra kinga an'i satana ,
Tena mpangalatra tanteraka
Izay mangalatra ireo zanany mahantra ,
Ny vadiny sy ny Ray aman-dreniny ory ;
Heveriny fa azy avokoa ny fananana,
Maty miaraka amin'ny fananan'ny hafa,
Tena loza mahonena !

15. Mangatsiaka izy raha ho an'Andriamanitra
Feno hakamoana sy tsy ampy hafanan-po
Ho fanasoavana ny fanahiny ;
Lava loatra aminy ny Sorona Masina ,
Manalavitra ny sakramenta izy ;
Ratsy, mafy fo , kamo,
Mandeha izy , mitety loka etsy sy eroa
Ary lalao mampidi-doza .

16. Ireo mpiloka lian'ady ,
Kamo velona , mpanala baraka
Eran'ny firenena rehetra ;
Mampiseho ireo heloka rehetra
Sady mampiseho hakamoana .
Ireo lalao am-pahabehimaso sy karazan-karatra
Mamono olona maro ,
Ary fatiantoka iray lavaka.

17. Ireo mpanjaka nandrara ny loka
Tamin'ireo sazy henjana ,
Toy ny areti-mandrigana
Ireo konsily samihafa tamin'ireo kanôna
Ireo Ray Masina tamin'ny lalany
Nandefa hanoherana azy ireo.
Na izany aza, izao tontolo amin'ny fotoana rehetra
Manamela poizina mahafaty.

18. Izao tontolo izao mpamitaka , mialà
Tsy ianao no hanao lalana
Amin'ity lalao malotonao.
Tsy iaraka aminao na oviana na oviana .
Loza ho anao ry lalao kisendrasendra !
Loza ho an'ny mpilokanao !
Mba ialana amin'ny loza
lalao ny fomba ratsy fanao.

ANDRIAMANITRA IRERY .



MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Montfortani, 65, 00135, Rome - ITALIE
E-mail: rcordium@gmail.com ; <http://www.montfortian.info/amqah/>

